



Ny lanitra sy ny helo: 1/1000

Rev. Park, Yong Gyu.

<http://www.divinerevelations.info/MALAGASY>

Tamin'ny 1987, Matin'ny fiakarana tosi-dra be loatra I Reverend Park. Nefa noho ny fahasovan'Andriamanitra dia nampiana 20 taona ny andro niainany. Na izany aza anefa, noho io zava-nanjo azy io dia tsy afa-niteny izy nandritry ny 4 taona voalohany. Tokony ho 50 taona teo izy tamin'ilay niverina. Nandritry ny nahafatesany dia natoron'ny Tompo azy ny lanitra sy ny helo.

Tiako ho fantatrao fa raha miavonavona sy mirehareha ianao dia mitondra ozona ho an'ny tenanao. Nitondra fiangonan-dehibe misy mpino 5000 aho nefa nafaizin'Andriamanitra noho ny avonavoko ka lasa matahotra azy mafy. ([jakoba 4:6](#))



Taloha aho nanam-pananana mitentina eo ho eo amin'ny 150 tapitrisa \$. Nanana fiara lafo vidy 5, fa nozaraiko avokoa taorian'ny nahafatesako. Raha azo atao, Tsarovy fa tsy ny fanananao no hahavonjy anao fa ny finoanao. Iangaviako ianareo diakona sy loholona ary mpitarika hafa ao am-piangonana mba hiasa ho an' ny mpitandrina anareo amin'ny fo.

Tamin'ny 19 Desambrar 1987, Rehefa avy nisakafo aho ka naka aina dia nandre fanaintainana mafy tsy hay zakaina. Reko nihamaty ny vatako ary tonga tsy nahatsiaro tena aho nony avy eo. Nifoha aho 4 volana taty aoriana nefa nalemy toy ny lamba miahy, ary ilay mpitsabo nilaza tamiko fa tsy maintsy ho faty aho. Niova endrika tanteraka ny tenako manontolo noho ny paralyisa nahazo ahy. Ary ny fianakaviako tsy namela ireo mpiara-mivavaka hamangy ahy noho ny haratsin'ny endriko. Ary maty aho nony farany.

Nony maty aho dia nahita olona 2 niditra tao an'efitranoko avy teo amin'ny rindrina. Niantsoantso aho: *“Iza, iza ianareo? Hirodana ny tranoko raha izao no ataonareo!!”* Ary ny iray tamin'izy ireo nanao hoe: *“Anjely nampidinina avy tany an-danitra izahay, avy tany amin'ny fanjakan'Andriamanitra.”* Nisy hazavana namiratra aoka izany avy tamin'ireo Anjely.

Ary nilaza momba ny tenany ilay anjely teo ankavanako: *“Mitarika ny asan'I Jesosy aho any amin'ny fanjakany. Ary izy niantso ka naniraka ahy hidina ety an-tany. Nirahiny aho hitondra anao ho any an-danitra. Maty ianao izao, nefa noho ny kiakiaka sy tolokon'alahelon'ireo havanao dia maniry hanome anao tombon'andro vaovao hivelomana indray izy. Fa izao aloha tiany hatoro anao ny lanitra sy ny helo. Hahita ianao, ary hijoro vavolombelona amin'ny*



*olona ety an-tany hihenan'ny olona mankany amin'ny helo ka hitomboan'y mankany am-paradisa. Izay no hataonao. Nohafaran'Andriamanitra izahay tsy hitaredretra. Raha mitaraikiraiky mantsy ianao tsy ho afaka hamangy ny lanitra sy ny helo.”*

Ary hoy ilay anjely teo ankaviako: *“Hatramin'ny nahaterahanao ka hatramin'ny nahafatesanao dia niaraka taminao foana aho.”* Tsy azoko tsara izay tiany hambara tamin'io. Izao vao fantatro fa hay izy no anjely mpiambina ahy. Ary hoy aho: *“Tsia an! Tsy handeha aho! Mpitandrina aho, ary tsy te-hihaona aminy amin'izao toe-tenako izao. Tiako raha efa salama aho vao mahita azy. Angamba ho fanomezan-tsiny no hahazo ahy bebe kokoa avy aminy noho ny fandokafana. Nanana toetra miavonavona sy mirehareha mantsy aho ka voaozona sy marary ankehitriny. Ahoana no hahatafiditra ahy any am-paradisa amin'izao? Matahotra aho. Raha mety, miverena any an-danitra ary iangavio ny Tompo hanasitrana ahy, izay vao ento any amin'ny alalan'ny nofy aho. Azafady angataho famindram-po aminy aho.”*

Tsy nisy nihaino ny fanehoan-kevitra ireo anjely fa nilaozany nanala ny fitafiako. Ratsy loatra, hono, izy ireo ka tsy mendrika hoentina any. Ary notafian'izy ireo lamba fotsy aho . ([Zakaria 3:4](#))

Noraisin'izy ireo ny tanako ary nanidina avy hatrany nankany an-danitra izahay. Nanavatsava ny rahona izahay, ary hitako nihakely ny tany raha nijery taty ambany aho. Navelan'izy ireo handalo manakaiky lalana volamena lava tssy manam-piafarana iray aho. Ary nahita hazavana aho. Mamiratra tokoa izy io ka tsy zakan'ny maso raha jerena manatrika. *“Avy aiza io hazavana io?” Hoy aho. “Avy any an-danitra” Hoy ireo anjely.*



Ary hoy ny eritreritra: *“Wow! Ngeza an!”* Ary indro nisy andian'olona mitafy lamba fotsy manidina eny aloha. *“Iza ireny?”* Hoy aho nanontany.

Fa hoy ny navalin'ireo anjely: *“Ireo nahatoky tamin'ny fanompoana an'Andriamanitra, nino an'I Jesosy, ary nankato sy nanaraka ny torolalan'ny fanahy masina tamin'ny fony manontolo. Maty ny vatan'izy ireo eny an-tany fa ny fanahiny kosa miakatra aty an-danitra.”*



Ary hoy ilay anjely iray hafa nanohy: *“Misy vavahady 12 aty an-danitra, ireo fanahy voavonjy ka miakatra aty dia tsy maintsy miditra amin'ny iray amin'nireo.”* Nitsangana manoloana vavahady iray teo atsimo izahay nefa nihidy ilay izy. Raha mbola teo am-piandrasana dia nanontany aho hoe: *“Nahoana io vavahady io no tsy mivoha ry anjely?”*

Fa hoy ny navaliny: *“Satria ianao tsy mihira ny hira fideran'ny lanitra.”* ([salamo 100:4](#))

Ary hoy indray aho: “Ry Anjely a! Mpirehareha sy mpiavonavona aho ka voaozona harary . *Tsy mahay firy ny hira fideran’ny tany akory aho, ahoana no hahazako hira fideran’ny lanitra nefa izaho aza mbola tsy nandre?*”

“*Tena marina, hoy ilay anjely namaly. Fa tsy maintsy mivonona hidera ianao na izany aza. Mpirehareha tokoa ianao, nefa miomana hihira.*” Nanomboka nihira ireo anjely, ary nanaraka koa aho. Toy ny nandeha ho azy tamiko izany avy eo ka tafiditra izahay.

Tsy voafaritry ny hatsaran’ny lanitra. Tsy haiko ny hanoritsoritra azy amin’ny fitenin’ny tany. Ary hoy aho: “*Tompo ô! Misaotra betsaka, Na dia mpirehareha sy miavona ary tratry ny ozon’ny aretina aza aho dia nentinao hatoro ny aty an-danitra.*”

Avy eo dia reko ny feon’Andriamanitra: “***Ry pasitera Park, Yong Gyu malalako, Tonga soa. Nandeha lalan-davitra ianao vao tonga taty.***” Malefaka sy feno fitiavana ny feony.

Nitomany aho namaly azy hoe: “*Tompoko,...*” Mailaka ireo Anjely nanapaka ahy: “e,20 taona izay no nahampitandrina anao, mbola tsy hainao foana ve ny soratra masina? Tsy misy ranomaso aty an-danitra. *Ajanony!*” Tsy nahatomany intsony aho. ([apok 21:4](#))

Rehefa izany dia nanontany ahy zavatra 5 loha ny tompo:

***“Firy ny fotoana laninao namakiana ny Teny (Ny baiboly)?***

***Firy ny fanatitra efa nomenao?***

***Im-piry ianao izao no efa nitory tamin’olona?***

***Ara-dalana tsara ve ny fandoavanao ny ampahafolon-karena?***

***Firy ny fotoana laninao nivavahana?”***



Tsy voavaliko ilay fanontaniana fahadimy ka nasiaka tamiko izy.

“***Nihakamo mivavaka ianao rehefa nitondra fiangonan-dehibe. Amiko tsy fialan-tsiny ny fahasahiranana!***” Nibebaka taminy aho noho izany. “***Hatoron’ireo Anjely toerana maro aty andanitra sy any amin’ny helo ianao. Mazotoa mijerijery araka izay tianao. Hiala aty mantsy ianao rehefa vita izany.***” Tsy natoron’ny Tompo ahy ny endriny.

Ary ireo anjely nitondra ahy tamina toerana 3 samy hafa tany an-danitra.

Ilay toerana voalohany nahitako ankizy maro miara-monina.

Ilay faharoa kosa fonenan’ny olon-dehibe.

Ilay fahatelo no misy ireo fanahy zara raha tonga tany an-danitra. Any izy ireo saingy tamin’ny fomba mahamenatra.

Maro no manontany ahy ny taonan’ireo ankizy. Mitovitovy amin’ny ankizy mianatra any amin’ny maternelle izy ireo, tsy hita miavaka toy ny ety an-tany ny lahy sy vavy aminy. Ny tsirairay dia samy manana anjelikely avokoa.





Any an-danitra, manana ny tranony manokana avokoa ny ankamaroan'ny fanahy. ([jaona 14:2](#)) Fa misy koa nefa ireo tsy manana, hohazavaiko avy eo. Anisan'ireo tssy manan-trano ny ankizy. Ary nanontany aho hoe: “*Nahoana ny ankizy no tsy manan-trano nefa mba fanahy ihany koa?*”

Ary hoy ny navalin'ireo anjely: “*Mila fitaovana ny olona eny an-tany rehefa hanangana trano, toy izany koa izahay aty. Raha miasa ho an'ny fiangonana sy ny hafa amim-pahatokisana ny tompo ny olona, Ireny asany ireny dia mivadika ho fitaovana anorenana ny tranony aty an-danitra. Rehefa manomboka vory ireo fitaovana dia manomboka miasa amin'ny fanorenana ireo anjely voatondro hanorina ny tranon'ireo masina. Ny ankizy ambanin'ny taona ahafahana mitsara azy amin'izay nataony dia mbola tsy manam-pitaovana hoenti-manorina ny tranony. Tsy nanam-potoana izy hanangonana ny valisoany; ny fitaovany izany. Izay no mahatonga azy ireo tsy manan-trano.*”

Hoy aho nanohy: “*Inona no ataoko hampitomboako ny fitaovana ilaina amin'ny tranoko?*”

“*Zavatra 7 no tsy maintsy ilain'ny olona hahazoany fitaovana amin'ny tranony, hoy izy: Ny voalohany amin'izany dia ny isan'ny fiderana sy fanompoana an'Andriamanitra.*

*Ny faharoa dia ny fotoana amakiany baiboly.*

*Ny fahatelo, ny fotoana nivavahany.*

*Ny faha-4 dia ny fotoana nitoriany tamin'ny olona.*

*Ny faha-5 dia ny fanatitra natolony ho an'Andriamanitra.*

*Ny faha-6 dia ny fankatoavany amin'ny fanomezana ny ampahafolon-karena.*

*Ny farany dia ny fotoana iasany ho an'ny fiangonana amin'ny fomba rehetra.*

*Ireo no adidy sy asa fankatoavana tsy maintsy atao hahazoa-mamory ny fitaovana hanamboarana ny tranon-danitra. Raha misy iray tsy vitany amin'ireo dia tsy manam-pitaovana hamboarana ny tranony izy.”*



Maro ny olona any no tsy manan-trano. Mpitandrina, diakona lahy sy vavy, loholona sns ny ankamaroany. Liana aoka izany aho ka nanontany hoe: “*Aiza izany no ipetrahan'ireo ankizy?*”

“*Eto*”, hoy ireo anjely. Nanaramaso ny manodidina aho ka indro izy ireo mivory eo an-jaridainam-boninkazo. Tsara tarehy aoka izany ilay zaridaina, Tsara lavitra mihoatra ny ety antany ny fofona ao. Tsy ho voazavako amin'ny teny ny zavatra hitako teo.

Araka ny efa voalazako dia ilay toerana faharoa no nisy ireo olon-dehibe mpino. Misy mahasamy hafa azy ny famonjena sy ny valisoa. Feno trano ao amin'io toerana io. Vatosoa sy



vato sarobidy tsy fahita firy no nanamboarana azy. Misy amin'izy ireo no avo dia avo toy ireny trano misy rihana maro ireny. Ireo nahatoky tamin'ny fanompoana fony tety an-tany no mahazo ireny trano vita amin'ny vatosoa sarobidy ireny. Manodidina ny 20 na 30 taona no fahitana ny olona rehetra ao amin'io toerana io. Tsy misy lahy sy vavy fa mitovy avokoa. Tsy misy antitra na marary na malemy ao.



Nisy loholona fantatro izay nantsoina hoe Oh, Im Myung. 65 taona izy no maty. Fohikely izy, mitovy halava amin'ny ankizy any amin'ny kilasy faha-2 any amin'ny fanabeazana fototra. Izy dia tratry ny aretina tsy mateti-pitranga antsoina hoe rachitisme. Raha baiboly kosa no resahina dia PHD izy. Maro ny fanadihadiana nosoratany. Hitako izy tany an-danitra sady lava ranjanana no tsara tarehy. Tsy marary intsony fa salama tsara. Tena tsara ny lanitra! Maro ny zava-nampitolagaga ahy! Aoka ianareo hino izay lazaiko ry malala!

Ny toerana fahatelo dia natokana ho an'ireo olom-boavonjy tamin-kenatra. ([1 kor. 3:15](#)) Midadasika tokoa io toerana io, lehibe lavitra noho ilay faharoa, Ilay misy trano vita amin'ny vatosoa sy vato sarobidy. Tsy ela dia tonga tany izahay fa niondrana kalesy volamena. Lavitra tokoa izy io miala avy eo amin'ireo toeran-kafa tsara tarehy hitako tany an-danitra.

Ary hoy aho tamin'ireo anjely: *“Toa tany malalaka sy saha fotsiny! Aiza izay trano?”* Fa hoy izy ireo: *“Trano ireo hitanao ireo.”*

Ary nahita trano fisaka lehibe aho izay nampahatsiahy ahy toera-mpiompiana akoho lehibe na fitehirizana entana. Tsy ao mihitsy ilaytrano, tsy maneho voninahitra. Io tanàna io sy ireo trano ao dia natokana ho an'ireo fanahy zara raha voavonjy. Maro trano ngeza ratsy voatra any. Ngeza lavitra io tanàna io miohatra amin'ny toerana misy ireo fanahy nahazo valisoa.



Ary hoy ireo anjely: *“Hitanao ireo trano ngeza roa amin'ny ankavia sy ankavananao ireo?”* *“Eny, hoy aho, Hitako ireo, fa ahoana?”*

Nolazain'ireo anjely fa tiany haseho ahy manokana ireo trano ireo. *“Io ankavanana io, hoy izy, natokana ho an'ireo mpitandrina teny an-tany, ny ankavia kosa ho an'ny loholona.”* Rehefa tonga teo am-potony izahay vao hitako fa hay goavambe ireto izy. Nitanatana vava mihitsy aho. Raha vao namoha ilay trano izahay ka niditra dia izao no tao an-dohako: ‘tranon’akoho!’ Saingy tsy akoho aminarivony no hitako tao fa fanahy. Nasain'ireo anjely nijery tsara aho satria, hono, tokony hisy mpitandrina fantatro ao, ireo nalaza ara-tantara; Marina tokoa ny azy satria maro ireo mpitanndrina nalaza fahiny no hitako tao. Nisy mpitandrina iray notsongaiko ka nanontaniako ireo anjely: *“Fantatro io mpitandrina avy any Korey io! Fantatro tsara ny lazany sy ny asa nataony ho an'Andriamanitra! Fa nahoana izy no aty? Tsy azoko.”*

Fa hoy ny anjely: “Tsy nanome fitaovan-koenti-manorina ny tranony mihitsy izy. Izay no mahatonga azy honina amin’ny trano iombonana.”

Liana aho ka nanontany: “Fa ahoana no nahatonga izany? Nahoana izy no tsy nanam-pitaovana?” Ary hoy ilay anjely: “Fony izy mbola nitazona ny andraikitra mahampitandrina dia tia dokafana. Tiany ny omem-boninahitra sy tompoina. Izy tsy nanam-panetren-tena sy fitiava-manompo.” Notsongoin’olom-bolo tokoa io mpitandrina io tany Korey ary niavaka tamin’ny tantaran’ny fiangonana saingy tsy nahazo valisoa!



Ry mpitandrina isany, azafady henoy! Ankoatry ny fitarihanao fanompoam-pivavahana alahady maraina, Mamangia isan-tokantrano; Karakarao ny malemy sy ny mahantra ary ny antitra. Ireo mpitandrina tsy manam-pandavan-tena hanompo ary tia hajaina dia tsy homem-balisoa any an-danitra. ([Mat 23:5-12](#))

Rehefa nahita izany rehetra izany aho ka niverina tety an-tany dia nozaraiko avokoa ny fananako rehetra, hatramin’ireo fiarako 5 tsara tarehy. Fohy dia fohy ny fotoana iainana eto antany. Eo amin’ny 70/80 eo ny salan-taona ao amin’ny baiboly. Fa Andriamanitra irery ihany no mahalala ny fotoana hahafatesan’ny olona. Na iza na iza dia afaky ny ho faty mialoha ny faha70 na 80 taonany. Nanapakevitra aho ny hizara ny fananako rehetra, hatramin’ny fitafiako. Ireo olon-drehetra zara raha voavonjy hitako tany dia mpitandrina, diakona, loholona ary mpino tsotra. Tsy tambo issaina ny loholona sy ny diakona any amin’io trano ratsy voatra io. Fa izy kosa aloha tsara lavitra noho ny helo, mazava ho azy, nefa angamba tsy misy olona te-hiditra any an-danitra amin’ny fomba toy izany! Izaho aloha tsy te-ho any amin’io toera-mahamenatra io. Na ny akanjon’izy ireo aza ratsy, tsy niangalianaa.

Inona ary no tsy maintsy ataon’ny kristiana hahazoana ireo trano tsara tarehy any an-danitra? Voalohany, Tsy maintsy mitory amin’olo-maroko araka izay tratra isika. Amin’ny fomba ahoana? Toy izao no nolazain’ny anjely tamiko: “Misy, ohatra, olona tsy mahalala an’Andriamanitra. Amin’ny fotoana anapahanao hevitra hitory amin’io olona io dia vonona ny fitaovana hanamboarana ny tranonao. Raha mivavaka tsy mitsahatra ho famonjena io olona io ianao dia miampy ireo fitaovana. Tsy maintsy manara-maso azy ianao, mamangy azy matetika ary manohy ny fampianarana. Izany dia hanampy isa ny fitaovana ilaina amin’ny tranonao. Raha misy olona miteny aminao fa tsy ho afaka ho any am-piangonana noho ny tsy fananany fitafiana mendrika dia tokony tsy maintsy homenao. Raha mitaraina ho tsy manana baiboly izy, omeo. Raha milaza ho manana olona amin’ny famakian-teny izy, omeo solomaso. Tsy maintsy ataonao izay vitanao rehetra hitarihana io olona io ho any amin’I Tompo. Ireo nitory im-betsaka indrindra no miaina amin’ny trano tsara indrindra any.”



Avy eo aho nentin’ireo anjely tamina toerana misy ireo masina manana trano tsara indrindra. Any no misy ireo masina nafana fo tamin’ny fitoriana. Io no toy ny andrenivohitry ny lanitra.



Amin'ny tantaran'ny kristiana, olona 4 no manana trano tsara sy ngeza indrindra any. Nasehon'ny anjely ahy ny tranon'Ilay evanjelisitra amerikana antsoina hoe D.L. Moody, Ilay mpitandrina anglisy John Wesley, evanjelisitra italiana iray, ary ny mpitandrina koreana Choi, Gun Nung. Izy 4 ireo no manana trano ngeza indrindra any an-danitra. Nitory izy nandritry ny androm-piainany tety an-tany, eny fan a efa teo ambavahaonan'ny fahafatesana aza.

Amin'ny kristiana avy any korey, misy mpino tsotra manana trano ngeza. Izy dia nanorina fiangonana tamin'ny fananany rehetra, nanome vary 3000 gony ho an'ny mahantra, nanampy miafina ara-bola mpitandrina aminarivony. Nanampy mpianatra amin'ny sekolim-baiboly sy mpandalina teolojia amin'ny saram-pianarany. Nampiantrano mpitandrina iray 65 taona koa izy ka nikarakara azy tsara. Ny fiangonany kosa nandroaka azy.


Ary nandre anjely niantso mafy aho hoe: *“Misy fitaovana tonga!”* Nanontaniako ilay anjely teo ankavanako ka hoy izy: *“Diakona vavy amina fiangonana kely izay no tompon'ireo fitaovana ireo. Mahazo fitaovana foana izy isanandro. Mahantra izy nefa manatrika fanompoampivavahana maraina foana isanandro. Isanandro izy tsy tapaka mivavaka ho an'ireo mpiara-miangona aminy 87. Rehefa avy mivavaka dia manadio fiangonana.”*



Ary nisy anjely hafa koa niantso mafy hoe:, *“Fitaovana manokana! Nanome azy izay mba vola kely tany aminy ny zanak'io diakona vavy io. Nefa tsy nampiasainy io vola io fa nividianany atody 5 sy ban-kiraro 2 ho an'ny mpitandrina io fiangonana io. Kely tokoa raha zohiana nefa nomeny avokoa izay nananany nandritra io andro io. Izany no nivadika ho fitaovana manokana ho an'ny tranony any an-danitra.”*

Faharoa, manana trano lehibe koa ireo nanorina trano fiangonana na trano hitarihana olona ho amin'ny fanjakan'ny lanitra tamin'ny fananany sy ny loharanom-bolany manokana.

Tany an-danitra koa aho nifanena tamina loholona iray antsoina hoe Choi. Mitaha amin'ireo diakona sy loholona koreana any, ny tranony no tsara indrindra, mbola avo noho ny trano avo indrindra any korey. I Choi dia nanorina trano fiangonana maro tamin'ny fananany.



Nanontany ireo Anjely aho hoe: *“Ary ny tranoko, Efa andalampanorenana ve?”* *“eny,”* hoy izy. Ary nangataka hahita azy aho nefa nolazainy fa tsy azo atao. Rehefa niangavy mafy nefa aho dia nolazain'ireo anjely fa nanome alalana ihany Andriamanitra.

Niondrana tamin'ny kalesy izahay ary nandeha lalan-davitra ho amina toerana iray, liana tanteraka aho ka nanontany: *“Aiza ny tranoko?”* *“Itsy!”*, hoy ilay anjely. Toy ny trano vao haorina ilay izy, tsy nisy afa-tsy fototra teo. Ary niakatra ny feoko: *“Fa nahoana aho no ataonareo toy izao? Tsy mbola naorina akory ny tranoko, fa nahoana? Rehefa tsy matin'ny ady*

*tany Korey aho dia nivarotra ilay tranoko tokana iny hanamboarana fiangonana, fiangonana nahatarika olona 5000. Nanoratra boky maro aho teo ambany fitarihan'ny fanahy masina. Anisan'ireo nahalafosana betsaka indrindra ny iray amin'ireo bokiko ireo. Ny vola azoko tamin'izany dia nanamboarako sekoly kristiana namoaka mpitandrina 240. Fony izaho sojabe dia nanome vatsim-pianarana maherin'ny 400 ho an'ny ankizy mahantra mihoatra ny 400. Izaho koa nanamboata trano ho an'ireo maty vady. Volabe noo laniko tamin'izany rehetra izany. Koa nahoana ny tranoko no mbola andalam-panorenana? mahatezitra!"*

Hentitra ilay anjely namaly ahy ka hoy izy: *"Tsy mendrika anao ireny trano tsara tarehy aty andanitra ireny satria im-betsaka ianao no nomen'ny olona voninahitra. Noderain'y olona foana ianao isaky ny nanao zavatra tsara. Hatramin'ireo tsy mpino aza nanome voninahitra anao. Sasa-poana ianao noho izany."* [\(Matt 6:1\)](#)

Nojereko teny amin'ny faritra misy ireo trano amboarina ny tranoko, Eo afovoana trano 3 no misy azy. 2 fotsiny ny rihana aminy ary misy efitra kely marobe ao amin'ny rihana voalohany sy ao ambany indrindra. Ary nanontany ny anjely aho hoe: *"Fa maninona no misy efitra kely marobe?"* Ary hoy izy: *"Ho an'ny zanaka lahy sy vavinao ireo efitra ireo."*



*"4 fotsiny ny zanako,"* hoy aho. *"Tsy ireo naterakao teny an-tany, hoy izy,, fa ireo rehetra nitoriana ka voavonjy."* Ary tiako indrindra izany! Ary hoy aho nanontany: *"Ary aiza ny efitranoko?"* *"Ao antafontrano"*, hoy ireo anjely. Nahasorena ahy izany. Tsy mbola vita akory ny tranoko. Ary niteny masiaka aho hoe: *"Tranokely io ve dia sarotra vitaina be?"* Fa hoy ireo anjely: *"Ianao aza mbola tsy maty akory, Tsy afaka mamita ny tranonao na ny efitra samihafa ao anatiny izahay satria Tsy fantatray raha hiampy ireo fitaovana ilaina, azonao??"*

Rehefa niditra ny efitranoko izahay dia indro nisy diploma roa nihantona tamin'ny rindrina ka novakiako. Ny voalohany dia manambara ahy fony izaho 18 taona nipetraka tamin'ny toerana fitaizana zaza kamboty. Krismasy ny andro tamin'izay, avy nivavaka maraina tany ampiangonana aho. Nahita lahiantitra iray aho mangovitry ny hatsiaka, nesoriko ny akanjomafanako ka nomeko azy. Nahazoako valisoa tany an-danitra io fihetsiko io. Io fotoana io ihany no nolazain'ily faharoa saingy manambara ny nividianako mofo ho an'ily lahiantitra tamin'ny vola kely taty amiko. Tsy ny habetsaky ny vola no inona. Ny asa atao tsy maintsy arahina finoana marina. Tsy misy dikany ny \$ laninao.



Nivoaka ilay trano izahay ka nandao ilay toerana. Raha mbola teny am-pandehanana izahay dia nanontany ahy ny iray tamin'ireo anjely: *"Malahelo ianao? Holazaiko anao ny fomba ahazoan-trano tsara. Nolazain'ny Tompo fa rehefa miverina eny an-tany ianao dia tsy maintsy manambara ny amin'ny*



lanitra sy ny helo araka izay efa hitanao. Faharoa manaraka izany, tian'ny Tompo indrindra ianao raha manorina trano hivorian'ireo vaviantitra mpitandrina sy evanjelisitra tsy manankialofana. Raha ataonao marina amim-pinoana ireo dia hanana trano tsara tarehy ianao.”

# Ny helo

Ary nitondra ahy tany amin'ny helo ireo anjely 2. “*Hamangy ny helo ianao izao*”, hoy izy ireo. Tsy ho azonao veroka ny fidadasiky ny helo. Tsy nijanona ny niantsoantso aho hoe: “*Ngeza! Ngeza!*” Any no itoeran'ireo fanahy voaozona ka voaheloka mandrakizay. Toy ny hoe arivo heny amin'ny tany ny helo. Ny antsasany miloko mena ary ny antsasany kosa mainty ngizina. Ary nanontaniako ireo anjely hoe: “*Nahoana io ampahany io no mena?*”

Hoy ny navalin'ireo anjely: “*Angaha tsy fantatrao? Solifara mirehitra io. Aizimpito kosa io antsasany iray io. Raha manota ny olona ka lasa aty dia ampijaliana amin'izy roa ireo...Maro ny trano fiangonana eny ambonin'ny tany ary betsaka amin'ireny no feno olona. Maro amin'ireny olona ireny nefa no tsy tena kristiana fa mpiangona fotsiny. Ny fiangonana marina dia tokony ho tena hino ny fisian'ny lanitra sy ny helo. Potika ny fiainana ara-panahin'ny olona noho izy tsy tena amino ny paradisa sy ny helo. Rehefa misy fanahy iray mankany an-danitra dia 1000 no voaozona ho aty amin'ny helo. 1/1000 ny tahan'ny lanitra sy ny helo.*” ([Matt 7:14](#))



Mpitandrina Presipitera aho ary mpampianatra Fanta-daza. Nahazo diploma ambony tao amin'ny sekoly ara-teologika anisan'ny lehibe indrindra tao Korey. Izaho tssy nino mihitsy ireo zavatra tantaraina momba ny paradisa sy ny helo, nefa izaho izao no mijoro vavolombelona amin'ny hafa ny aminy. Mety manao anao ho kristiana ianao, nefa raha miaina araka ny sitrapon'ny devoly dia ho very any amin'ny helo!

Ny toerana hitako voalohany dia feno solifara miredareda. Tsy ho azonao an-tsaina velively ny famaivain'ny helo. Tsy misy olona mahazaka hafanana be loatra izany.

Zavatra 3 no averimberin'ny olona any amin'ny helo.

Voalohany, Mahamay loatra any ka te-ho faty izy ireo. ([Lioka 16:24](#))

Faharoa, Mangetaheta fatratra izy ireo ary te-ho faty.

Fahatelo, betsaka no renao mila rano. ([Zak 9:11](#))

Mandrakizay ny any! Maro ireo milaza fa olona afaka ao amin'I Kristy ka miaina araka izay tiany. Nanontany ny anjely aho hoe: “*Ireto ato ireto, inona no nataony??*” Ary hoy ny navaliny: “*Ny andiany voalohany dia tsy mpino.*” Aoka hibebaka ireo tsy mbola nitory tamin'ny havany!



Nanohy ihany ilay anjely: “Ny andiany faharoa kosa dia ireo nino an’I Jesosy saingy tsy nibebaka tamin’ny fahotany.” Tsy maintsy miaiky ny hadisoantsika eo anatrehan’Andriamanitra isika ka mibebaka. Tsy mahazo manota isika. Tsy mibebaka ny miteny amin’ny vava fotsiny. Tsy maintsy mibebaka marina amin’ny fo feno fanenenana isika!

## Kristiana any amin’ny helol

Avy eo aho nahita mpitandrina sy loholona ary diakona tany amin’ny helo ka nanao tamin’ireo anjely hoe: “Fantatro ireo. Nahatoky tamin’ny fanompoana an’Andriamanitra fony teny antany. Efa elaela izay no nahafatesany. Nihevitra izahay fa any am-paradisa miaraka amin’Andriamanitra avokoa izy rehetra, nefa hitako aty daholo ary mikiakiaka hoe mahamay! Fa nahoana?” Tsy tambo isaina ireo mpitandrina, diakona, loholona sy mpino tsotra teo.

Fa hoy ny navalin’ily anjely: “Ry pasitera Park Yong Gyu, Azon’ny olona atao ny mody miseho ivelany ho mpanara-dia an’I Kristy, fa Andriamanitra mahalala ny ao anatin’ny fo.

Tsy nohamasinin’izy ireo ny andro alahady, tia mitady vola alahady izy ireo. ([Jer. 17:27](#))  
Maro amin’ireo diakona sy loholona no nanakiana ny toritenin’ny mpitandrina azy.

([sal. 105:15](#)) ([Nom 12:8-9](#))

Tsy nandoa ara-dalàna ny fahafolon-karenany izy ireo. ([Malakia 3:9](#))

Tsy nivavaka.

Tsy nitory tamin’olona mihitsy. ([Ezekiela 33:6](#))

Maro amin’ireo diakona sy loholona ireo no namalivaly ny mpitandrina azy ka nandà ny fahefany. Itsivalanany ny adidy aman’Andraikitry ny mpitandrina. ([Num. 16](#))

Rehefa niala aina teo am-pandriana izy ireo tsy mba nibebaka satria noheveriny ho tsara ny asany. Izay no nahatonga azy natssipy aty amin’ny afon’ny helo.”



Nony avy eo aho nahita mpanjaka sy zanaka mpanjaka fatra-panenjika fivavahana tany Korey. Izy 2 ireo dia nanapa-doha ireo mpino voalohandohany tany Korey. Napetraka teo anivon’ny helo, toerana mafana indrindra, izy ireo. Izaho koa nahita an’i Hitler, Stalin, Mao Zedong, mpitandrina malaza avy any korey avaratra antsoina hoe Pasitera Kang, Olo-malaza tany japon, ary olon-kafa maro.



Avy eo izahay tonga tamina toera-maizinkitroka iray, tsy hita hatramin’izay hasiantongotra, ary niantso mafy aho hoe: “Ry anjely a! Ry anjely ho’aho! Maizina be, inona no ho hitako amin’izao?” Nokapokapohiny ny soroko ka hoy izy: “Andraso kely.”

Nony kelikely dia nahita olona tsy voaisa mitanjaka aho. Rakotra bibikely mivezivezy ny vatany. Tsy misy faritra malalaka, na hasiana ankihibe aza fa rakotra avokoa. Mikotro-nify ireo

olo-mitanjaka ireo miezaka manala ireo bibikely. Ary hoy aho, “*Inona no nataon’izy ireo fony mbola velona teny an-tany?*”

“*Nifanakiana sy nifandraotra izy ireo ary tsy nitantdrina tamin’ny teny navoakany.*” ([Matt 5:22](#))

Ary nisy devoly nanindrona sy nitomboka ny vavonin’ny olona tamin’ny antsim-bilona. Tsy tantiko ny kiakiak’izy ireo. Nanontaniako ireo mpiambina ahy: “*Anjely, inona no nataony fony teny an-tany?*”



“*Nanana ankohonana sy asa ary trano izy ireo nefa tsy mba nanome an’Andriamanitra. Tsy nanampy izy, na ny mahantra, na ny fiangonany, na ny asan’Andriamanitra hafa. Sady kahihitra izy ireo no tia vola. Na mahita mahantra aza izy ireo dia tsy miraharaha. Ny Ankohonany ihany no nanahirana azy. Nitafy sy nisakafo tsara izy ireo ary ambony ny fari-piainany. Izay no mahatonga ny vavonin’izy ireo hotsindronina, feno fitiavan-tena ny kibony.*” ([Proverbs 28:27](#))

Nampatahotra ahy tokoa io tranga hitako io ka nomeko ny hafa avokoa ny vola aman-karenako rehefa niverina tety an-tany aho. Ny famonjena tsy azo amin’ny vola na fananana fa ny finoana ihany. Ny helo dia toerana feno fahoriana tsy zaka iainana, Fijaliana mandrakizay ny any!



Izaho koa nahita olona notsofain-doha tamin’ny tsofa maranitra. Nanontany ny anjely aho hoe:., “*Fa inona loatra no nataon’ireto olona ireto no ampijaliana mafy toy izao?*” Toy izao no navaliny, “*Nomen’Andriamanitra ny atidohany hisainana zavatra tsara mitondra vokatsoa. Nefa zava-dratsy sy tsy mendrika hatrany no noeritreretiny.*” ([Matt 5:28](#))

Nony avy eo aho nahita olona notombohina ka nopotipotehina madinika, nahatsiravina aoka izany! “*Ary ireto? hoy aho. Inona no nataony ka ampijaliana azy toy izao?*” Fa hoy ny Anjely: “*Diakona sy loholona tsy niasa ho an’ny fiangonany ireo. Tsy te-hanome sy hanompo mihitsy izy ireo, Ny mandray avy amin’ny ondry ihany no tena tiany.*” ([Zak 11:17](#)) ([Hosea 6:5](#))

Nahita diakona, sy mpitarika ary mpino tsotra aho ampijalian’ny devoly. Lavahiny ny lelan’izy ireo ary ampifandraiziny amin’ny kofehy. Sintoniny ilay kofehy avy eo. Nanontany indray aho: “*Inona no nataon’izy ireo teny an-tany?*” Ary hoy ilay Anjely: “*Ota karazany 4 no nataony. Voalohany, Nanakiana ny mpitandrina azy izy, Nifosa sy nanala baraka ary nilaza zava-dratsy momba azy.*” ([Jakoba 3:6](#)) ([Mat 12:37](#))



Miangavy antanandroa aho hibebahan’izay manao izany, mibebaha!



Nanohy ihany ilay anjely: *“Faharoa, Niteny ratsy ny fiangonany izy ireo. Nasiaka tamin’ny kristiana ka nampihena ny finoany sy tsy niangonany intsony, Ny sasany aza tsy nino intsony noho izy ireo. Nataony izay vitany rehetra hanajanonana ireo tena mpino tsy hanao ny asan’Andriamanitra. Noho ireo ratsy fanahy ireo dia maro amin’ireo mpino no nisalasala. Misy amin’ireo no misotro ka mampijaly ny vady aman-janany.”*

Izaho koa nahita lehilahy sy vehivavy tsindronin’ny devoly eo amin’ny kibony amin’ny fantsika rezatra maranitra. Hoy aho: *“Inona no nataony?”* Hoy ilay anjely: *“Nanao tokantrano maso ireo. Meloka noho ny fanalan-jaza izy satria bevohoka. Nefa tsy nibelahany mihitsy izany.”*



Ary nisy vondron’olona hafa koa. Nodidian’ny devoly manify ny molony, toy ireny manetika hena na voatabia ireny. Ary hoy aho: *“Nahoana izy ireo no ampahoriana toy izao?”* Ary hoy ilay anjely: *“Ireo dia zanaka lahy sy vavy sy vinanto lahy sy vavy namalivaly ray amandreny sy rafozana. ‘Azafady’ Izay no tokony nolazain’izy ireo fa tsy vao maika nanasaro-javatra. Maro amin’izy ireo no nampiasa teny mandratra. Mamaly ny ray amandreniny amin’ny teny mahery izy. Nikomy. Izay no anetehana ny molony.”*

Brethren, Ho faty avokoa isika rehetra izao fa tsy fantatra ny fotoana. Aoka ho vonona lalandava. Ny atao hoe vonona dia mankany an-danitra. Ny fotoana hialantsika eto, tsy any ny olana. Mifamelà heloka matetika araka izay azo atao raha ilaina. Mibebaha, mibebaha, ataovy mandritry ny tontolo andro raha tsy maintsy.

Ry malala, tsy niraharaha itony fijoroana vavolombelona itony aho taloha. Izaho dia presipitera mpanaraka fombafomba ka tsy niraharaha izany. Fa izao kosa tssy maintsy mijoro vavolombelona aminao ny amin’ny zavatra hitako. Azafady, aza misalasala miaina amin’ny fahamasinana. Miangavy, ialao io fitsarana sy fampahoriana mahatssiravina io. Aoka ianao ho voavonjy. Aza miaina araka ny nofo fa midira amin’ny fanjakan’ny lanitra. Mivavaha ho an’ireo tsy mahalala an’I Jesosy. Mitoria ary mamooza voa tsara. Mivavaha isaky ny mangirandratsy ary hamasino ny andro alahady. Aloavy ara-dalàna ny fahafolon-karena. Ny valisoanao any an-danitra angonina fa azan y ety an-tany. Mivavaka sy mitso-drano anao aho amin’ny anara-maherin’I Jesosy!



Pasitera Park, Yong Gyu [Mpanandika tenany: Henry Rasolofoanina](#)